

# TAHIRY

SERASERAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA  
Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Numéro 21



TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA  
Mitoetra, mivoatra, mibanjina ny ho avy

JUILLET  
2012

## SIGFP\* : Tsy ho fitaovam-piasana ihany fa mba ho fitaovam-pitantanana koa

**A**nisan'ny andraikitra sahanin'ny Tahirim-bolam-panjakana ny fitanan-kaontim-panjakana sy ny famoahana izany ara-potoana mba hahafahan'ireo mpitondra eo anivon'ny sampan-draharaham-panjakana isan-tsokajiny mandrefy ny fahatomombanan'ny fitantanany sy mba hanampy azy ireo amin'ny fanapahan-kevitra ho raisiny amin'ny ho avy. Iankinan'ny aim-pirenena ny tatitra arosan'ny mpitana kaontim-panjakana ka rariny raha tsy mitsahatra ny mikatsaka izay hanatsarana hatrany ny kalitaon'ny kaonty ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Mandray anjara amin'ny famoahana ireo todiezaky (*bilan*) ny sampan-draharaham-panjakana ny «postes compatibles» : kaonty feno, azo itokisana, manara-dalàna sy ara-potoana no tokony havoaka. Mitaky fivoaran'ny fomba fiasa ny fanatanterahana ireo ka ny SIGFP no fitaovam-pikajiana ampiasaina.

### SIGFP sy ny enti-manana takiny

Mila fitaovana informatika ampy sady manaraka ny toetr'andro sy tambanjotra matanjaka ny fampiasana ny SIGFP mba tsy hisian'ny fihantonana eo amin'ny asa. Tsy azo atao ambanin-javatra ihany koa ny fiarovana ny trano andraisana izany. Mitaky sora-bola misimisy ihany koa ny fampandehanana ny SIGFP. Tsy maintsy vinavinaina ny fikojakojana ny fitaovana, ny fanamboarana na ny fanoloana ny simba, ny herin'aratra lany, ny fampiofanana ny mpiasa, ny fampidirana manam-pahaizana manokana momba ny kajimirindra...

### SIGFP sy ny sanda hariny (Valeur Ajoutée)

Fampahariana fomba (*modernisation*) ny fitaovam-piasan'ny Tahirim-bolam-panjakana ny SIGFP. Maro ny sanda hariny. Manampy eo amin'ny fikajiana tantsoratra izay mety ho very na simba; mampihena ny fotoana hikarakarana ny mpila raharaha sy hanatanterahana ny asa, mampahafantatra eo no ho eo ny torohay (*informations*) rehetra mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana, manampy eo amin'ny fampiharana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bola koa izy, manamora sy manafaingana ny fitantanana ny tetibola sy ny famoahana ny kaonty, ahafahana mampitambatra amin'ny fotoana fohy ny tatitra avy amin'ny mpitana kaonty rehetra, mampifan-drainy ny mpiara-miasa, lalana irosoana amin'ny fialana amin'ny antontan-taratasy mifamezivezy sy ny fanorantana an-tanana ny kaonty, manampy amin'ny asa fanaraha-maso.

### SIGFP sy ny andrasana aminy

Miharihary fa ilain'ny mpitana kaontim-panjakana ny SIGFP. Folo taona mahery aty aoriana, efa to-kony ho marim-pototra ireo «logiciels» mba tsy hisian'ny fisalasalana eo amin'ny mpitana kaonty. Tokony ho azo antoka ny fiarovana : eo andaniny, ny fiarovana ny rafitra mba tsy ho voakitikitiky ny hafa sy tsy ho lasibatrin'ny «SIGFP piraty» ; eo ankilany, izay zava-dehibe tokoa, ny famaritana ny andraikity ny mpitana kaonty izay mametraka fahatokisana aminy. Rariana ihany koa ny fivelarany amin'ny sehatra rehe-



tra ao anatin'ny mankany amin'ny mpitsara kaontim-pitantanana mba ialana miandalana amin'ny fikirakirana antontan-taratasy. Ny faniriana ho an'ny SIGFP : tsy ho fitaovam-piasana ka hisolo ny milina fanorantana sy fikajiana ary ny boky ihany, fa mba ho fitaovam-pitantanana mahomby koa.

Ny Trésorerie Générale Mahajanga dia miaina tanteraka amin'ny SIGFP eo amin'ny fanatanterahana ny ampahany betsaka amin'ny asany (90%) nanomboka tamin'ny taona 2005 ka hatramin'izao. Azo tsapaintanana ny fivoarana entiny na dia mbola ahitana indro kely aza ny fampiharana azy. Mihatsara ny vokatra azo raha toa ka samy mandray ny andraikitra tandrifany azy avy ny rehetra : ny mpitana kaonty (*mpampihatra*), ny sampan-draharaha misahana ny informatika (*mpamolavola*, *mpanara-maso*, *mpanombana*) sy ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana (*mpama-tsy*, *mpanombana*).

▲ **Lydia MANANTENA**  
Trésorier Général Mahajanga

## SOMMAIRE

Ny Trésor sy ny tantarany P. 2

### CHRONIQUE

Projets Finances sur Fonds d'Emprunts Extérieurs

Halte aux gestions irrationnelles ! P. 3

### Réunion de travail

DGT – Juridictions Financières P. 7

### Trésor Public

La lutte contre la corruption commence à porter ses fruits P. 7

### VAHININTSIKA

#### Vololotiana RANDRIAMBOLOLONA

Mpiahy ny zaza kamboty ao amin'ny Akany Fialofana Tangaina Ampitatafika P. 8-9

Air Madagascar monte en gamme P. 12

#### Banque Africaine de Développement

Adoption du Document de Stratégie Pays (DSP) intérimaire P. 13

#### Fifaninana hidirana ho mpianatra

Inspecteurs sy Comptables du Trésor 2012 : Tsy misy kolikoly P. 14

#### Akon'ny fankalazana

ny faha 50 taona P. 15-16

### INVITÉ DE L'ÉCONOMIE

Alain MALKA : DG Air France Caraïbes-Océan Indien P. 10

\* SIGFP : Système Intégré de Gestion des Finances Publiques

## Fankalazana ny faha 50 taona : Hetsika volana jona

Pejy 9



## Faites connaissance avec la TG Mahajanga

Pages 4-7



TSIAHY

# Ny Trésor malagasy sy ny tantarany

## Fizarana 22

Hiavaka ny Tsiahy amin'ity laharana ity satria hifantoka tanteraka amin'ny tantaran'ny tranoben'ny Trésor etsy Antananarenina. Raha vao miresaka Trésor mantsy dia io trano io no mby ao an-tsain'ny olona avy hatrany. Amin'ity taona 2012 ity ihany koa no anamarihana ny fahatelo-polo taonan'ny Paierie Générale d'Antananarivo sy ny Recette Générale d'Antananarivo, izay mampiasa io trano io ankehitriny.

Tamin'ny 5 Jona 1955 no notokanana ny tranon'ny Trésorerie Générale de Madagascar etsy Antananarenina. Nitarika ny lanonana ny Governora Jeneraly André SOUCADAUX, niaraka tamin'Andriamatoa DEVAUX, Talen'ny Fitanan-kaontim-panjakana, izay nisolo tena ny Minisitry frantsay nisahana ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena ary ny Tetipivoarana.

Nomarihan'ny Governora Jeneraly André SOUCADAUX, Haut Commissaire solontenan'ny Repoblika Frantsay teto Madagasikara nandritra izany fa sarotra tokoa ny asan'ny Trésor. Nanamafy izy fa manampy sy manome hery ny mpiasan'ny



Eto no misy ny «Avenue de France» (1933) nisy ny Trésor hatrizay Nisongadina tamin'ny lahatenin'ny Trésorier Payeur Général LEBEGUE



Inty ny trano vaovao notokanana tamin'ny 1955



Roa taonina ireto sompiby ireto

kosa ny fisaorany ny Inspecteur Général BARGUES, Commissaire Général teto Madagasikara tamin'ny taona 1951. Izy mantsy no nanao sonia ny taratasy nahafa-



Cabinet du Trésorier Général LEBEGUE



Efa vita kosa ilay vehivavy mizara voankazo eto

«Assemblée Représentative» izay nanaiky ny hanatanterahana ny asa satria hita fa tena maika izany.

Mahatratra 1069 m<sup>2</sup> ny velaran'ny trano, izay miendrika L. Vola mitentina 63 tapitrisa Francs CFA no lany nanamboarana azy. Naharitra 4 taona mahery ny fanatanterahana ny asa. Mihoatra ny 27 tapitrisa Francs CFA kosa ny tetibidin'ireo entana sy fitaovana arifomba rehetra niaraka taminy. Misy sompiby goavana milanja 2 taonina ao amin'ny efitra ambany indrindra. Tao no nametrahana ny tahirim-bola madinika sy ny antontan-taratasin'ny «Gouvernement Général». Mbola nisy asa tsy maintsy notohizana tao



Toy izao rehefa mbola tsy teo ilay vehivavy mizara voankazo

ambany rihana satria tao no nametrahana ireo «pièces comptables», ny antontan-taratasy momba ny «Caisse de Dépôts». Tao ambany rihana kosa dia natokana ho an'ny sampan-draharahan'ny «Trésorerie» sy ny «Paierie» izay mifandray mivantana amin'ny vahoaka. Tao amin'ny rihana voalohany kosa no nisy ny biraon'ireo mpitan-kaonty sy ny mpiasa izay nila filaminana sy fahanginana teo amin'ny fanatanterahana ny asany tsirairay avy. Ny rihana faharoa sy fahatelo kosa dia natao trano fonenan'ireo mpitan-kaonty sy ireo tompon'andraikitra ambony teto amin'ny Trésor.

▲ Nangonin'i Rivolala RANDRIANARIFIDY  
Tahirin-tsary : ANTA

### Fantatrao ve ?

Tamin'ny volana Aogositra 1955 no nametrahana an'ily sary goavam-be eo amin'ny lafin-trano atsimo ny Paierie Générale. «Place de France» no anaran'io toerana manoloana ny Paierie Générale io tamin'izany fotoana izany. Ilay mpanao sokitra malaza Albert LECLERC no nanamboatra azy. Mirefy 3 metatra sy sasany ilay sary. Araka ny lahatenin'Andriamatoa LEBEGUE, Trésorier Payeur Général nandritra ny fitokanana ny trano dia tsy vita ara-potoana ny fanamboarana azy ka tsy maintsy niandry kely 3 volana taorian'ny nitokanana azy. Araka ny sosokevitr'Atoa BARGUES, Haut Commissaire nisolo tena ny Fanjakana Frantsay teto Madagasikara dia ny «taon-jina», na «L'Abondance» no lohahevitra asehon'io sary io. Sarina vehivavy malagasy mizara voankazo izy io, izay maneho ny fanavaozana eo amin'ny lafiny ara-toekarena mba hahazoan'ny rehetra tombontsoa.



## CHRONIQUE

## Projets Finances sur Fonds d'Emprunts Extérieurs Halte aux gestions irrationnelles !



Si l'on regarde le profil actuel de la dette de Madagascar, le pays est contraint au paiement du service de la dette jusqu'au-delà de l'année 2050, et ce pour des prêts contractés depuis plus d'une vingtaine d'années. Ces dettes dont l'encours actuel s'élève à 2,22 milliards USD ont été prévues pour faire développer Madagascar. Elles ont été principalement consacrées pour le financement de grand nombre de projets. Cependant, l'impact de ces derniers sur la vie économique et sociale du pays est peu perceptible. Qu'en est-il en effet de la gestion de ces projets, profitent-ils effectivement à la majorité des Malgaches ?

### A QUI PROFITE LES FONDS D'EMPRUNTS ?

L'utilisation des fonds d'emprunts est consignée dans l'Accord de prêt. La part des montants affectés aux grandes rubriques des dépenses y est nettement prévue : travaux, frais de fonctionnement, services de consultance, formations... Les services de consultance qui prennent plus de 10% du coût de financement du projet sont souvent confiés à des étrangers. Ils ne profitent donc qu'en partie aux Malgaches à travers les bénéfices de l'assistance technique. Par ailleurs, ces consultants se font aider pour plus de la moitié de leur travail, par la partie malgache qui n'en reçoit pas rémunération, et qui pourtant, a elle-même dans la plupart des cas, les réponses à ses problèmes et n'a pas besoin d'une assistance étrangère.

### FINANCEMENT DE DÉPENSES INÉLIGIBLES

Malgré la spécification de la nature et des répartitions du fonds d'emprunt dans les Accords de prêts, certaines cellules d'exécution des projets réalisent des dépenses à leur convenance. Le cas du secteur santé est flagrant. Un projet a octroyé des avances sur salaires à concurrence de 289 millions MGA à ses cadres, dont le contrat a été rompu avant que les intéressés

n'aient pu rendre le service équivalent. En conséquence, les avances indûment perçues n'ont pas pu être récupérées. Un autre projet a distribué des fonds pour un total de 868 millions MGA à plusieurs organisations communautaires de base, qui ne sont pas concernées par le projet.

Qui en paient les frais ? Les Malgaches eux-mêmes puisque toutes dépenses non prévues dans les Accords de prêts sont rejetées par les bailleurs de fonds. L'Etat est pénalisé au remboursement des fonds utilisés inconvénablement.

### DÉCAISSEMENT TARDIF PESANT SUR LA TÊTE DES MALGACHES.

Quant aux réalisations en matière financière, il est d'usage de constater un taux d'absorption rudimentaire au terme du projet. A titre d'illustration, on peut citer le cas d'un projet d'adduction d'eau conclu en mars 2006 et prévu être clôturé en décembre 2013, alors que le décaissement au mois de juin 2012 n'est que de 22 % du montant prévu dans l'Accord de financement. Un projet de communication dont la signature a eu lieu en 2007 n'a réalisé que 14,8% de décaissement au mois de juin 2012, pour un terme prévu en décembre 2013.

Dans ces cas, les cellules d'exécution requièrent auprès des bailleurs de fonds aussi facilement qu'il soit, l'ajournement de la fin du projet. Or, le rallonge d'un projet a un coût et pèse lourdement à l'Etat et à ses contribuables. D'abord si les Accords de prêts ont prévu le paiement par l'Etat des commissions d'engagement, celles-ci s'accumulent lorsque le projet tarde à prendre fin. En effet les commissions d'engagement sont calculées sur la base du montant du prêt non décaissé. Plus le décaissement est faible, plus les commissions sont élevées. C'est ainsi que pour le projet d'adduction d'eau cité auparavant, l'Etat a déjà dû payer jusqu'au mois d'avril 2012 une commission totalisant 3,67 milliards MGA. Pour les projets les plus performants, ces commissions d'engagement n'ont pas dépassé 1,5 millions MGA.

En outre, si la fin du projet est ajournée, le contrat des salariés dont la rémunération dépasse largement celle d'un malgache moyen se poursuit également. De telles situations favorables au personnel du projet font impliquer

injustement les contribuables qui supportent les frais liés au rallonge du projet, en sus du remboursement de la dette contractée.

Cependant, le décaissement tardif n'est pas toujours au tort des projets. Des cas de cellules d'exécution qui respectent les engagements, les deadlines et la responsabilité qui leur échoient sont recensés, mais c'est au niveau des bailleurs de fonds que les dossiers traînent. La partie malgache se soumet à leur rythme, et pourtant elle est la plus perdante car les bailleurs de fonds gagnent en commissions d'engagement en cas de retard.

### ENGAGEMENT DE LA PARTIE MALGACHE NÉGLIGÉ

Le défaut ou l'insuffisance des inscriptions budgétaires en Ressources Propres Internes (RPI) est commun à tous les ministères de tutelle technique, à l'exception du Ministère chargé de l'Agriculture. Lors de la préparation budgétaire, les ministères choisissent de prioriser les dépenses en biens et services de leur département au détriment des RPI, qui font partie de leurs engagements prévus dans les Accords de prêt. Cette situation constitue également un motif pour retarder la fin du projet afin de soi-disant permettre l'intégration des montants pour lesquels le ministère a été défaillant, dans les exercices à venir. Or, la signature de l'accord signifie adhésion des ministères aux termes du contrat. Ne pas prévoir dans son budget les engagements qu'on a contractés ne relève-t-il pas d'une irresponsabilité ou tout simplement d'une incompétence ?

### QUID DE LA RESPONSABILITÉ DES ACTEURS

Il ne s'agit que d'un exemple de la non implication du ministère sectoriel dans l'exécution des projets. Certains ministères de tutelle soulèvent des problèmes relationnels avec les cellules d'exécution et les laissent livrées à elles-mêmes. Ce qui est à l'opposé de leur comportement, lorsqu'il s'agit de sociétés à participation financière de l'Etat, où ils n'éprouvent aucune hésitation pour s'immiscer dans la gestion, bien que cela ne relève même pas de leur compétence. Cette situation s'explique probablement par le fait que ces sociétés sont plus juteuses et qu'il leur est plus difficile de faire une mainmise sur des projets suivis de près par les bailleurs de fonds.

### PÉRENNISATION NON ASSURÉE

Pour certains projets qui ont abouti à des résultats perceptibles, la pérennisation des investissements n'est pas suffisamment assurée. C'est le cas des financements des infrastructures routières, pour lesquelles les fonds propres consacrés à l'entretien - Fonds d'Entretien Routier- ne permettent pas de suivre la vitesse de dégradation des routes. En d'autres termes, le pays s'expose à de nouvelles dettes pour réhabiliter une même route dont le remboursement de la réhabilitation réalisée initialement n'est même pas encore échu.

### PROPORTION DES FONDS ALLOUÉS PAR RAPPORT AUX RÉSULTATS OBTENUS

Quant à l'objet même du projet, l'on se demande s'il a fallu s'endetter autant pour les résultats obtenus. On peut citer le cas des Programmes Environnementaux Phases I, II, III, qui ont duré 22 ans et pesaient 136,82 milliards MGA en prêts et 119,76 milliards MGA en dons. Or, nul ne sait que près de 300 000 ha de végétation par an partent en fumée, que les bois précieux sont la proie de trafics illicites, et que l'érosion n'est toujours pas maîtrisée. Les Malgaches remboursent pour de l'argent qui a déjà pris feu. On se pose également des questions sur la perspicacité des financements de certaines recherches comme celles effectuées sur le riz qui datent de l'indépendance, car jusqu'à présent, l'Etat est toujours contraint d'importer pour subvenir aux besoins de ses 20 millions d'habitants.

### LE TRÉSOR PUBLIC SE MOBILISE

Dorénavant, le Trésor Public, gardien des fonds publics veut mettre un terme à ces mauvaises gestions des projets sur financement extérieur. Il s'impliquera davantage dans la négociation des financements extérieurs. La rigueur sera de mise dans le suivi des projets aussi bien sur le plan administratif et financier, que sur le plan physique. Les écarts des réalisations par rapport aux termes des accords signés seront sanctionnés par les lois et règlements régissant l'endettement public. D'ailleurs, le Trésor Public compte les faire adopter incessamment. Que les dettes publiques qui pèsent sur plusieurs générations de Malgaches profitent à la majorité !

▲ Haingotiana RAHANIRAKA

GÉNÉRALITÉS


# Faites connaissance avec la Trésorerie Générale Mahajanga

Poste comptable supérieur de deuxième catégorie, la Trésorerie Générale Mahajanga s'efforce toujours d'accomplir ses missions en tant que poste comptable et en tant que service public. Elle compte actuellement 33 agents. Elle assure la centralisation des opérations de quatre Perceptions Principales et de huit Régies Financières - Centres Fiscaux (Mahajanga, Marovoay, Mitsinjo et Soalala), Service Régional des Entreprises (SRE), Service des Douanes, Service des Domaines et de la Topographie.

En outre, une Collectivité Territoriale Décentralisée (CTD) dotée d'un Budget Annexe - la Commune Urbaine de Mahajanga - et deux Etablissements Publics sont gérés par la Trésorerie Générale Mahajanga.

Le Trésorier Général est chargé de piloter le poste comptable. Trois fondés de pouvoirs assistés chacun de trois autres cadres assurent respectivement la Comptabilité et les Opérations Budgétaires (C 1, 2, 6 et 7), les Opérations de Trésorerie et des Correspondants (C 4 et 5), et les Opérations de Transfert et de Centralisation des opérations des comptables subordonnés (C 18).

Conformément au style de gestion basé sur le principe de leadership partagé adopté depuis l'année 2010, l'administration générale est attribuée à des cadres rattachés directement au Trésorier Général. Il s'agit de la gestion du parc informatique et de la logistique, de la gestion administrative et financière, de la Cellule d'Inspection et de Vérification, et de la Section Communication.



GÉNÉRALITÉS

Le Saviez-vous ?



Du point de vue des attributions générales, la Trésorerie Générale Mahajanga ne diffère pas des autres postes comptables supérieurs. Toutefois, elle se caractérise par son style d'organisation et de gestion conformément aux objectifs fixés.

Opérations de Trésorerie et des Correspondants

Opérations de Trésorerie

Les Opérations de Trésorerie englobent la gestion des comptes des tiers et des comptes financiers. Le suivi des comptes d'attente constitue la préoccupation majeure. Conformément aux objectifs à atteindre, l'apurement de certains comptes ne doit pas dépasser trois mois, du moins pour les opérations en cours.

En outre, la bonne organisation du paiement des pensions et des bons de caisse contribue à la satisfaction des

usagers. L'évaluation se fait par sondage au cours duquel le responsable prend connaissance de leurs critiques et de leurs souhaits en vue d'améliorer davantage l'organisation. Lors des périodes de grand paiement, la durée d'attente maximum par usager, de la délivrance au paiement, est fixée à une heure. Durant ces périodes, le nombre de caisses ouvertes est révisé à la hausse.



Près de 300 usagers attendent leur tour sur des bancs

▲ Norosoa ANDRIAMANAMPISOA

Gestion des Correspondants

La gestion de la Commune Urbaine de Mahajanga (CUM) a été marquée par la coexistence du Budget Général et du Budget Annexe. Le Budget Annexe, créé à partir de l'année 2006, est rattaché au service du marché de la CUM : première expérience et unique à Madagascar.

Le Bureau d'Assistance Sociale, également rattaché à la CUM, a le statut d'Etablissement Public à caractère Administratif (EPA). En revanche, la CCI est un Etablissement Public à caractère



L'équipe qui traite les Opérations de Trésorerie et des Correspondants

Professionnel (EPP) et est géré suivant le Plan Comptable Général 2005. Un outil de gestion du budget de la Commune a été instauré au niveau de la Trésorerie Générale Mahajanga et des PP rattachées pour faciliter le suivi et le contrôle des opérations des correspondants. Sa mise en place a pour objectif d'uniformiser et d'automatiser la gestion des opérations des correspondants. L'outil entre dans sa phase d'essai depuis janvier 2012.

▲ Tsiry Fiandràna José Michel RAENINTSOAHARILIVA

Opérations de Transfert et de Centralisation des comptabilités des comptables subordonnés



L'équipe de la Division Opérations de Transfert et de Centralisation

Envoi et couverture des transferts

Pour la Trésorerie Générale Mahajanga, l'objectif est

de traiter un bordereau de transfert sous 5 jours, depuis l'enregistrement de son arrivée jusqu'à la validation de l'écriture de couverture. Le poste a conçu

un outil d'exploitation informatisé permettant au responsable de suivre et d'évaluer la durée de traitement de chaque bordereau de transfert.

L'envoi des transferts s'opère par décade dans le but d'avoir «zéro montant non transféré» au cinquième jour qui suit la fin de chaque décade. Ce calendrier est initié par le poste pour réduire les risques de rejets en provenance de comptables assignataires et faciliter le contrôle.

▲ Eléonore Isabelle RAVONIARISOA

La centralisation des comptabilités des comptables subordonnés

Le responsable assure l'encadrement des agents sur l'apurement des comptes d'attente et l'exploitation des pièces périodiques des Perceptions Principales rattachées. Outre les opérations courantes de centralisation, l'uniformisation de la gestion des PP fait partie des efforts entrepris par la Trésorerie Générale Mahajanga pour améliorer sa performance. A la Trésorerie Générale Mahajanga, la centralisation des comptabilités des RF s'effectue toujours dans le cadre de SIGFP.

▲ Philibert ANDRIAMAMPITA

## GÉNÉRALITÉS

## Le Saviez-vous ?



## Opérations Budgétaires et Comptabilité

Pour les opérations budgétaires, l'objectif principal est l'amélioration du traitement des dossiers de dépenses depuis leur récupération jusqu'à leur règlement. La traçabilité des opérations dans les logiciels offre un moyen de contrôle pour les responsables. Ce qui permet de mobiliser l'équipe en cas de constatation de retard au niveau de chaque étape de traitement des dossiers.

Dans un souci de célérité, il n'y a pas de division propre pour les visas. Les

dossiers sont répartis tous les 2 ans par ministère et par nature de dépense à certains agents suivant leurs capacités. Les virements se font deux fois par semaine, ceux de la JIRAMA et des CCAL étant traités à part.

Etant un poste comptable, 93% du personnel contribue à la réalisation des opérations de comptabilité depuis la passation des écritures jusqu'à la production des pièces périodiques. Les responsables veillent à la qualité des comptes et au respect des calendriers fixés dans les objectifs.



L'équipe de la Division Opérations Budgétaire et Comptabilité

## Division Administrative et Financière (DAF)

L'administration générale de la Trésorerie Générale Mahajanga est assurée par la DAF. Elle recouvre la gestion des courriers, la gestion des valeurs et des fournitures, la documentation, la gestion des crédits et des ressources humaines. Le Chef de Division veille à la réalisation des objectifs fixés.

En collaboration avec la DIL, des progiciels de gestion de courriers et du personnel ont été conçus afin d'améliorer la performance de la DAF. De plus, la mise en place d'un logiciel de gestion des CCAL, dont la conception est déjà en cours, constitue l'une des priorités de la Trésorerie Générale Mahajanga pour cette année 2012. Son élaboration contribue au renforcement du contrôle interne au niveau de la Trésorerie Générale Mahajanga.

Pour la gestion des fournitures et des consommables, la Trésorerie



L'équipe de la DAF est souriante malgré sa lourde tâche

Générale Mahajanga tient des fiches de stocks depuis 2006. Puis en 2011, la comptabilité administrative a été déjà opérationnelle. Sa mise en place facilite la gestion de crédits parce qu'elle permet de déterminer à tout moment, le niveau de la consommation et de

stocks de chaque article. La DAF a également pour rôle d'encadrer et d'accompagner les quatre PP rattachées (SOA) depuis la prévision de leurs besoins en fournitures et consommables jusqu'au mandatement des dépenses.

L'âge moyen du personnel de la Trésorerie Générale Mahajanga est de 48 ans. 28% sont âgés de 50 à 54 ans et 16 % de 55 ans et plus. Malgré ce vieillissement, le personnel de la Trésorerie Générale Mahajanga ne manque pas de dynamisme. Le tableau suivant récapitule le mouvement du personnel de la

Trésorerie Générale Mahajanga durant les sept dernières années:

#### Mouvement du personnel de la Trésorerie Générale Mahajanga de 2006 à 2012

Le mouvement du personnel au sein de la Trésorerie Générale Mahajanga est très fluctuant. Le besoin en personnel de la Trésorerie Générale Mahajanga est réel. De plus, rien ne permet d'affirmer que l'effectif du personnel en 2006 était suffisant.

Outre la nouvelle répartition des tâches au niveau de la Trésorerie Générale Mahajanga, le renforcement de capacité du personnel fait partie de l'objectif de la DAF pour pallier à tous ces problèmes de vieillissement, d'insuffisance et de fluctuation de l'effectif. Par ailleurs, la Trésorerie Générale Mahajanga applique la politique de rotation tous les 2 ans pour les cadres et 4 ans pour les autres, notamment les jeunes agents. Elle a pour but d'éviter les routines et de disposer de personnel polyvalent.

▲ Ny Andosoa Hiainana Miaro Zo RAMINOMANANA

#### Mouvement du personnel de la Trésorerie Générale Mahajanga

Année	2006	2007	2008	2009	2010	2011	2012	TOTAL
Sortant	2	2	5	4	4	2	4	23
Entrant	2	3	3	0	5	5	0	18

## Division Informatique et Logistique (DIL)

La Division Informatique a pour rôle : (i) d'administrer le système et le réseau informatique ; (ii) de gérer la base de données ; (iii) d'entretenir le parc informatique et les serveurs du SIGFP ; (iv) de concevoir et de réaliser le développement des applications informatiques (extra SIGFP) inhérentes à la gestion du poste ; (v) de renforcer la sécurité du système d'information ;



L'équipe de la Division Informatique et Logistique

et (vi) d'offrir un «Helpdesk» en assistant techniquement les utilisateurs. Cette Division assure également la gestion des matériels et des mobiliers à la disposition du poste. Le responsable veille à la sécurisation de fonds et à l'entretien des locaux de la Trésorerie Générale Mahajanga.

▲ Aristide RAKOTOARIMANANA

## GÉNÉRALITÉS

## Le Saviez-vous ?



### La Trésorerie Générale Mahajanga et ses défis pour l'Année 2012

«La confiance n'exclut pas le contrôle»

#### Objectifs généraux :

- Améliorer la qualité des comptes ;
- Mieux satisfaire les usagers ;
- Respecter les engagements assignés et les délais impartis ;
- Renforcer la sécurisation des fonds publics.

#### Objectifs spécifiques :

- Renforcer le système de contrôle interne ;
- Réviser la répartition des tâches compte tenu du départ à la retraite de certains agents ;
- Renforcer les capacités du personnel de la TG et des PP rattachées ;
- Informatiser le système de suivi des opérations ciblées ;

- Améliorer les conditions de travail du personnel ;
- Réduire les délais de traitement des dossiers ;
- Améliorer la qualité de service rendu aux usagers (pensionnés et fonctionnaires,...).

## ACTUALITÉS

## Réunion de travail DGT – Juridictions Financières

La responsabilisation de tous les acteurs dans l'exécution budgétaire, le retour à l'orthodoxie financière et budgétaire, et l'effectivité du principe de redevabilité : tels ont été les objectifs majeurs de la réunion technique entre la Direction Générale du Trésor, la Direction Générale du Budget et la Cour des Comptes les 4 et 5 juin 2012.

Il a été rappelé que la responsabilisation des ordonnateurs requiert la mise en place du Conseil de Discipline Financière et Budgétaire laquelle relève de la compétence du Premier Ministre, Chef du Gouvernement. Par voie de conséquence, il a été décidé de relancer les diverses sollicitations dans ce sens, déjà entreprises maintes fois par le Ministère des Finances et du Budget. Dans le même ordre d'idée, l'érection des régies des administrations financières en postes comptables supérieurs est fortement souhaitée.

Il en ressort également que le retour à l'orthodoxie financière et budgétaire doit passer d'une part, par le res-



Les juridictions financières observent à la loupe les comptes de gestion

pect de la hiérarchie des textes et d'autre part, par la réglementation de certaines opérations. Pour ce dernier cas, l'accent a été mis sur la nécessité de la prise d'un

Décret relatif à la gestion des comptes de dépôt et la régularisation, par Arrêté, de la nomination du régisseur dudit compte, qui sera assimilé à un comptable public du point de vue des responsabilités.

Quant à la redevabilité, elle consiste principalement en la justification de toutes les opérations de l'Etat conformément à la réglementation en vigueur et aux autorisations des organes législatifs (Assemblée et Sénat) et ce, quelque soit le mode de gestion. Le respect du calendrier de production des Lois de Règlement a été exigé. Il en est de même pour les comptes de gestion sous peine de sanctions pécuniaires (amendes) à l'endroit des comptables publics retardataires.

Néanmoins, un délai supplémentaire a été accordé aux comptables publics pour la régularisation des anomalies relevées dans la comptabilité avant d'engager leur responsabilité personnelle et pécuniaire par la mise en débit.

▲ Alain Falisoa RAZAKATOANINA

## Trésor Public

### La lutte contre la corruption commence à porter ses fruits

Le Bureau Indépendant Anti-Corruption (BIANCO) vient de publier son rapport d'activités annuel au titre de l'année 2011. Selon ce rapport, 1 046 doléances de corruption ont été reçues au niveau des six branches territoriales de la BIANCO (Antananarivo, Fianarantsoa, Toamasina, Mahajanga, Toliara, Antsiranana). Ces cas de corruption dénoncés touchent la majeure partie des secteurs d'activité de l'Administration : justice, collectivités décentralisées, sécurité, éducation, santé, foncier, etc. De toutes ces entités, seuls le Trésor Public avec trois autres secteurs d'activités (les Représentations diplomatiques et organisations internationales, le Ministère des Affaires Etrangères, le Ministère de la Population, de la Protection sociale et des Loisirs) n'ont enregistré aucun cas de

corruption. De plus, de ces 04 entités, le Trésor Public est celui qui est le plus exposé aux risques de corruption, étant en contact permanent avec une multitude d'usagers et manipulant de grandes sommes d'argent. En effet, force est de rappeler que le Trésor Public règle mensuellement la solde de 130 000 fonctionnaires et la pension de 80 000 pensionnés et quelques centaines d'entreprises et autres correspondants.

Cette absence de cas de corruption témoigne de l'appropriation par chacun des agents du Trésor de la notion d'efficacité, de transparence et de satisfaction des usagers dans l'exercice de leurs fonctions respectives. En effet, la bonne gouvernance financière que le Trésor Public s'efforce d'instaurer ne demeure pas uniquement un slo-

gan, mais constitue la base de toutes les actions de son personnel. Et comme chaque responsable du Trésor Public veille à l'effectivité de la bonne gouvernance dans la gestion des fonds publics, le même résultat est encore attendu pour les années à venir.

▲ Landy ANDRIAMIALIZAFY



La qualité du service rendu aux usagers est un défi quotidien

## VAHININTSIKA

## Vololotiana RANDRIAMBOLOLONA

## Mpiahy ny zaza kamboty ao amin'ny Akany Fialofana Tangaina Ampitatafika



Kamboty 31 mianadahy, anelanelan'ny 07 hatramin'ny 24 taona, no beazin-dRamatoa Vololotiana RANDRIAMBOLOLONA sy ireo mpiara-miasa aminy roa, ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy, etsy amin'ny Akany Fialofana Tangaina Ampitatafika. Tsy avy eto Antananarivo ihany fa misy amin'ireo ankizy ireo no avy any Mananjary, Tsiroanomandidy, Miarinarivo... Anisan'ireo mizaka ny vokatry ny krizy koa ity fikambanana iray ity. Ny eo amin'ny lafiny ara-bola no tena manahirana azy amin'izao fotoana izao. Toy izao manaraka izao ny tantarany, ny fiainan'ireo ankizy, ny vokatry azo, ny fomba nisafidianana ireo ankizy...

**Gazety Tahiry :** *Oviana marina no niforonan'ity Akany ity ?*

**Vololotiana RANDRIAMBOLOLONA :** 54 taona lasa no niforonan'ny Akany Fialofana izay miankina amin'ny Fiangonana FJKM etsy Atsimon'i Mahamasina. Ny vadiko no tompon'andraikitra voalohany talohako teto nanomboka ny volana Desambra 1978. Ankizy 22 no nobezinay teto tamin'izany fotoana izany. Rehefa nodimandry izy ny volana Febroary 2009 dia izaho no nandimby azy. Saika tsy tamana ihany aho teny am-piandohana kanefa noho ny alahelo ireo zaza ireo izay nitalaho nanao hoe «Aza ilaozana izahay» dia nijanona aho ka noraisiko ny andraikitra.

**GT :** *Iza avy ireo miahy ity Akany ity ?*

**VR :** Ireo fanampiana avy amin'ny Fiangonana vitsivitsy avy eto Antananarivo miampy ny Fiangonana Protestanta Tangaina Fanantenana no entina hampihodinana azy amin'ny ankapobeny. Manampy anay koa ny «Fondation La Cause» avy any Frantsa. Noho ny krizy maneran-tany anefa dia nihena ampahatelony ny fanampiana nomen'ity fikam-



Vololotiana RANDRIAMBOLOLONA, mpiahy ny zaza kamboty ao amin'ny Akany Fialofana Tangaina Ampitatafika

banana avy any dilambato ity hany ka sahirankirana ihany vao tafavoaka izahay.

**GT :** *Ahoana ny faimpiainan'ireo ankizy ?*

**VR :** Mba hahatsara sy hampirindra ny fiaraha-monina dia efa voalamina ary voatsinjara dieny mialoha avokoa ny raharaha rehetra. Toy izany koa ny fandrai-

sana anjara amin'ny fotoam-bavaka iraisana fanao isan'andro. Tsy misy mifampiteny intsony fa dia samy mandray ny andraikitra sahaza azy avy raha vao mifoha. Rehefa izany vao samy mamonjy ny fianarany ny rehetra. Ny madinidika miantra eto amin'ny manodidina, ireo zokinjokiny kosa dia mamonjy any an-drenivohitra. Anisan'izany i Hery sy i Paquerette izay samy 24 taona. Ity voalohany dia manaraka fiofanana momba ny «multimédia» any Andraharo, ilay faharoa kosa dia manaraka fiofanana momba ny fampianarana eny Ambaranjana. Samy fito taona lasa izay no nahatongavan'izy mianadahy tao amin'ity Akany ity. Tsy maintsy amporisihana hianatra

sy ampiana araka izay tratra ireto ankizy kamboty ireto mba hahafaita azy ireo.

**GT :** *Inona kosa ny vokatry azo nandritra izay 34 taona izay ?*

**VR :** Azo lazaina fa nahafa-po ihany ny vokatry azo satria maro tamin'ireo zaza kamboty no-bezina teto no efa tafita. Tao no lasa teknisiana amin'ny fiaramanidina, manamboninahitra miaramila, informatisiana, veterinaire, nahatsangana «salon de coiffure», lasa mpitandrina ao amin'ny FJKM amin'ny fiangonandehibe iray eto an-drenivohitra. Nisy koa ny nanaraka fianarana teny amin'ny ambaratonga ambony. Ny tena nahafaly dia ny nahatsapana fa tena noraisin'ireo ankizy ho zava-dehibe mihitsy sy nitondra voka-tsoa teo amin'ny hoaviny ny nanankinana ny fiainany tamin'Andriamanitra.

**GT :** *Inona no vinavinan'ny Akany ?*

**VR :** Mba hampivelarana ireo ankizy dia mikasa hanao fampiofanana asa tanana izahay manomboka amin'ity taona ity. Mba hampitomboana ny loharanom-bola indray dia mikasa hanangana «multi services» izahay amin'ny alalan'ireo fanomezana (toy ny solosaina...) azo avy amin'ny Vondrona Eoropeana.

**GT :** *Inona no sivana handraisana ireo zaza ireo ?*

**VR :** Tsy maintsy kamboty ray sy reny na kamboty ray na reny ka tsy afaka mamelona ilay zaza izay sisa velona. Tsy maintsy hampandalovina etsy amin'ny foibe avokoa izay zaza tiana ho raisina ka ny Fikambanana Protestanta



XX



# VAHININTSIKA

Mpanao Soa ao Atsimon'i Mahamasina ihany no miandraikitra ny sivana. Na izany aza dia tsy manavaka finoana izahay saingy rehefa tafiditra ato ny ankizy dia tsy maintsy manaraka ny fana-beazana araka ny foto-pinoana Protestanta.

**GT: Ny hafatrao ?**  
**VR:** Tsy moramora ny andraikitra sahaninay tahaka itony satria tsy maintsy mandalo fotoan-tsarotra kely foana eo amin'ny lafiny arabola. Mahafaly kosa ny mahita ireo ankizy tafita. Tsy miady irey izahay fa misy hatrany ireo malala-tanana sy tsara sitra-po. Singaniko ary hisaorako manokana



Miara-nihinana sy nifaly tamin'ireo ankizy ny tariky ny Tahirim-bolam-panjakana

etoana ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana izay tsy nanadino anay ka nitondra izay voarambin'ny tanana, nentina nanampiana ireo zaza kamboty, ny

volana Jona lasa teo. Hirianay ny hitohizan'izany fanampiana izany, mba ho tombontsoan'ireo ankizy niangaran'ny vintana ireo.

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO



Fanabeazana saina, vatana sy fanahy no omena ireo ankizy mba tsy ho vesatra hoan'ny firenena any aoriana

# Johan

## Zandriny indrindra ao amin'ny Akany Fialofana



Johan, miara-maka sary amin'i DGT, mitsiky fatratra

**7** taona i Johan ankehitriny. Dimy taona lasa no nahatongavany teto. Tsy fantatra ny fihaviany sy ny rainy, nitsoahan'ny reniny izy, ary ny renibeny no nambara fa nitaiza azy. Nentin'ny renibeny nangataka foana izy io ka rehefa

maty ity farany dia nisy nanatitra tao amin'ny Fiangonana FJKM Mahamasina izy. Sahirana ihany izahay teo ampanamboarana ny kopian'i Johan noho ireo toe-javatra ireo. Vokany, mba hahatsara ny hoaviny dia nampitondrainay ny anaram-badin-dRamatoa RANDRIAMBOLOLONA

izy ary natao hoe «Randriambololona Johan». Tamana, mitsikitsiky lava ary mazoto mianatra tsara, kilasy CP1 ao amin'ny sekoly Lovasoa ao Tangaina izy.

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO



Na kamboty aza, falifaly mihira sady efa namoaka kapila mangirana (ao anaty boribory i Johan)



## INVITÉ DE L'ÉCONOMIE

**Alain MALKA****Directeur Général de la Compagnie Air France Caraïbes-Océan Indien**

